# Fahafahana misafidy sy Fanavotana amin'ny alalan'i Jesoa Kristy

## Ireo fakam-panahin'ny devoly

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:39 sy ny 2 Nefia 2:16–18, ary ifanakalozy hevitra ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Noho ny fahafantarana fa nisafidy ny hanaraka ny drafitry ny Ray any An-danitra isika talohan'ity fiainana ity, dia inona no mahasarotra ny misafidy ny hanaraka Azy mandrakariva eto an-tany?
- Inona no tetika mandaitra indrindra ataon'i Satana mba hahatonga ny olona eto an-tany hisafidy ny tsy hanaraka ny torohevitr' Andriamanitra?
- Inona ireo fitahiana sasany nomen' Andriamanitra antsika mba hanampiana antsika handresy ny fakam-panahin'i Satana?

## Vokatry ny safidintsika

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:40–41 sy ny Almà 41:10–11; 42:9, 14, ary ifanakalozy hevitra ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Amin'ny fomba ahoana no eo ambany fifehezan'ny sitrapon'ny devoly isika rehefa misafidy ny hikomy amin' Andriamanitra?
- Araka ny hevitrao, nahoana ny teny hoe "fahafatesana ara-panahy" no famaritana tsara ny fisarahana amin'ny Ray any An-danitra?
- Ahoana no hamaritanao ny fahatsapana ananantsika rehefa avy mampiasa ny safidintsika hanoherana ny sitrapon'ny Ray any An-danitra isika?

## Fanavotana amin'ny alalan'ny Zanaka Lahitokan' Andriamanitra

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:42–43 sy ny 2 Nefia 2:6–9, ary ifanakalozy hevitra ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no nataon'i Jesoa Kristy mba ho azo avotana isika na dia efa nanao safidy ratsy aza?
- Inona no azonao zaraina momba ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy izay afaka manome fanantenana ho an'ny olona iray izay mahatsapa fa lasa lavitra loatra?
- Inona no ohatra azonao omena izay maneho ny toetra manavotra sy mamela heloka ananan'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_143-1